ANTOHOMADINIKA FAMI SY ANKASINA

# Nahazo lalankely vita rarivato sy tetezan-kazo avy amin'ny CUA

Mitohy hatrany ny fanohizan-dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana ny programan' asany eto anivon'ny faripiadidian'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), toy ny fanaovana lalankely rarivato teny amin'ny fokontany Antohomadinika FAMI ao amin'ny Boriboritany Voalohany izay mirefy 300 metatra eo, ankoatra izay dia nisy ihany koa ny fanaovana tetezan-kazo teny amin'ny fokontany Ankasina izay mirefy 100 metatra teo. Araka ny nambaran'ny Lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany Razanadrakoto Heriniaina dia natao izao fotodrafitr'asa izao, mba ho famahana ny olan'ny mponina izay mipetraka eny amin'ny faritra iva satria dia dobo-drano foana izy ireo rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra, ka mijaly ny mponina, indrindra fa ireo mpianatra kely sy ireo mpiasa. Niantso vonjy tamin-dRamatoa Ben' ny tanàna ireo mponina teny amin'ny faritra iva, ka izao novaliany izao ny fangatahan'izy ireo. Araka izany dia faly tokoa ireo mponina teny Ankasina sy teny Antohomadinika FAMI, fa nahazo fotodrafitr'asa, faly ihany koa izy ireo fa misy mijery sy tsy nataon-dRamatoa Ben'ny Tanàna toy ny zanak'Ikalahafa.


Lalankely vita rarivato avy amin'ny CUA tao amin'ny Boriboritany voalohany.

Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra hatrany dia ny ekipan'ny Boriboritany voalohany sy ny sampandraharaha izay misahana ny fanamboarana fotodrafitr'asa avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra no nanatanteraka ny asa.

Tsy hijanona ny fanamboarana fotodrafitr'asa toy ny lalankely sy ny tetezana eny amin'ny Boriboritany Voalohany, fa mbola hitohy hatrany. Araka izany dia manentana ny mponina ny tompon'andraikitra avy ao anivon'ny Kaominina, mba hikolokolo sy hanaja ny fotodrafitr'asa satria « Antananarivo soa iombonan'ny Malagasy ».

**Stefa**

Roa lahy nisoloky ombin'olona

# Saika niharan'ny fitsaram-bahoaka

Voasoroka ara-potoana ny fitsaram-bahoaka saika hitranga tao an-tanàn'i Mampikony ny sabotsy teo. Ny 31 oktobra tao amin'ny tsenan'omby Betsingala Mampikony no niantombohan'ny disadisa teo amin'ny varotr'omby miisa 6. Araka ny nifanarahan'ireo mpividy sy mpivarotra dia tsy aloa ny vidin'omby raha tsy vita ara-dalàna ny taratasy. Lasa tsy an-kiteny anefa ireo voalaza ho mpividy miisa 6 : enin-dahy, ka tsy nandoa vola ary nentiny ny omby. Ny faha 02 novambra tolakandro no tsikaritry ny tompon'omby ny roa tamin'izy ireo tao Betsingala ihany, ka nosamborina ary naterina tao amin'ny fokotany. Nisy vondron'olona ombam-piadiana anefa efa vonona ny hamono azy ireo, ka nanery ny filohan'ny fokontany hamoaka azy ireo. Nahatsapa ny andraikitra miandry azy ilay filohan'ny Fokontany, ka nampandre avy hatrany ny Zandarimaria Mampikony. Nandefa Zandary tany an-toerana ny Tobim-paritra Mampikony handravona ny olana, ka soa ihany fa nanaiky ireo vondron'olona tezitra nohon' ny ombin'ny fianakaviany nisy nangalatra. Nanomboka teo dia natao ny famotorana sy fisavàna ka sarona tao anaty entan'ireto jiolahy ny basy poleta vita gasy sy bala basim-borona miisa 6. Nitohy ny fitadiavana ireo omby ka araka ny vaovao naborak'ireo voasambotra dia nojerena tany Ambatoaranana kaominina Komajia Distrikan'i Mampikony, sarona tao ny omby miisa 5, fa ireo efadahy ambiny nangalatra no tsy hita. Tafaverina ireo omby ary voatazona ireo jiolahy nangalatra.


Ireo jiolahy, anisan'ny nisoloky ombin'olona tany Mampikony.

**Ny Valosoa**

FJKM Vilihazo Fanantenana

# Ezaka rihana indray no asa manaraka

Nisongadina nandritry ny fetin'ny taranaka sy ny faha-70 taonan'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana, synodamparitany Antananarivo atsinanana ny alahady lasa teo, fa mitohy ny asa, dia ny fananganana rihana vaovao ao ampiangonana. Efa vita ny fanitarana ny fiangonana, vita ny alitara ary voaloko ny fiangonana, fa ezaka rihana indray no asa manaraka. Io no nambaran'ny filohan'ny zanaka am-pielezan'ny fiangonana, Rakotojaofeno Petera nandritry ny fanazavana nentiny, izay mbola hanentanana ny mpino kristianina sy ny zanaka ampielezana hifanome tànana hatrany . Mitentina 120 tapitrisa ariary ny vola ilaina amin'ny famitana ny asa, ary tokony hanomboka ny volana Janoary 2020 ny asa. Mivory isaky ny Alahady faha-4 ao amin'ny Epp Andravoahangy izy ireo . Ny 25 Desambra 2018 kosa no nanomboka ny fankalazana ny faha- 70 taonan'ny fiangonana, ary ny volana Jolay lasa teo ny ivony. Nambaran'ny mpitandrina, Ratsimihafy Ezekiela mitondra ny Fjkm Vilihazo Fanantenana nandritry ny toriteny nalaina tao amin'ny Hebreo 10 : 39 manao hoe « fa isika tsy naman'izay mihemotra amin'ny fahavoazana, fa naman'izay mino amin'ny famonjena ny fanahy », ka nakana ny loha-hevitra hoe ho avy amin'ny heriny ny tompo, ka nanatsoahana ny sakana nahazo ny mpino kristianina, nefa mila mijoro sy manohy asa hatrany, ary tanterahina amin'ny fitiavana izany. Nifanotrona ny mpino kristianina teo an-toerana sy ny zanaka ampielezana tamin'ny rakitry ny taranaka teny amin'ny alitara masina narahina fifampiarahabana sy fisaorana ary firariantsoa. Fotoan-dehibe niarahabana ireo tratry ny tsingerintaona nahaterahana, ny mpivady vao nanorin-tokantrano, ny nahazo zaza vao teraka, ary ireo kandida mpifaninana amin'ny fifidianana ben'ny tanàna amin'ny 27 Novambra ho avy izao. Hipoka ny fiangonana ny alahady teo ary fandraisana ny fanasan'ny tompo no namaranana ny fotoana teny amin'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana. Amin'ny 15 Desambra indray ny fotoan-dehibe manaraka.

**Rajo**

Mpiofana ho polisy

# Nizatra asa momba ny zava-misy eny anivon'ny kaomisaria

Ho fanamafisana ny fanofanana ireo mpianatra ho Kaomisera sy Ofisie eny amin'ny sekoly ambonin'ny Polisim-pirenena eny Ivato, nanatanteraka fanazaran'asa mikasika ireo mety ho zava-mitranga eny anivon'ireo kaomisaria izy ireo. Navoitra sy nampiainina azy ireo nandritra izany ny fizotrin'ny asa sy ny tranga rehetra izay mety hiseho ao anatin'ny Kaomisaria iray : ny fomba fandraisana ireo olona, ny fandraisana antanana ireo hametraka fitarainana, ny fandrindrana ny fifamoivoizana, ny fanaraha-maso ny fandriampahalemana ankapobeny eo amin'ny faritra iadidiana, ny fandraisana fepetra manokana manoloana ireo Polisy mihoa-pefy sy mandika lalàna, ny fanajana ny zon'olombelona ao anatin'ny fanatanterahana ny asa, ny fandraisana an-tanana sy fandrindrana ireo olona mamo sy mpanakorontana, ny fandrindrana ireo korontana na olona mikomy eny amin'ny kaomisaria. Mijery, mitsikera, manitsy ary manoro hevitra mandritra ny fanazarana ireto mpianatra ireto ireo lehiben'ny Kaomisaria izay efa amperin'asa, ary mitondra ihany koa ny traikefan'izy ireo ao anatin'izany. Nojerena manokana sy narahi-maso ny fomba nentin'ireto mpianatra ireto niatrika sy nandray an-tanana izany tranga rehetra izany ary nofaranana tamin'ny jery todika, izay nitondran'izy ireo ny tamberina sy ny mety ho fahasarotana hitany nandritra ny fanazarana. Ny tanjona ao anatin'izao dia ny mba hanofanana Polisy matihanina ary vonona avy hatrany hiatrika ny asa aman'andraikitra izay ho sahaniny rahampitso. Ao anatin'ny fanavaozana sy ny fanatsarana ny fomba fiasa ny Ministeran'ny filaminam-bahoaka amin'izao fotoana izao, ary tsapa fa ny fanatevenana ny fanofanana ireo Polisy ary indrindra fa ireo izay mbola andalam-piofanana eny anivon'ny sekoly no anisan'ny tokony hiompanana ao anatin'izany.

**Naina**


Ireo mpianatra mpiofana ho polisy eny Ivato.

FJKM Salema Vaovao Ambatofotsy Gara

# Tamboho manodidina no ezaka manaraka

Taorian'ny fitokanana ny fiangonana vaovao ao amin'ny Fjkm Salema Vaovao Ambatofotsy Gara, synodamparitany atsimon' Iarivo Miray, izay notarihin'ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, dia ezaka tamboho manodidina indray no asa miandry manaraka. Nisongadina mantsy nandritry ny toriteny nentin'ny filohan'ny Fjkm, fa masina Andriamanitra, masina ny tranon' Andriamanitra ary masina ny vahoakan' Andriamanitra. Loha-hevitra notsoahina tao amin'ny Salamo 93 : 5 izy io manao hoe : Ny teny vavolombelonao dia masina indrindra. Ny fahamasinana no mendrika ny tranonao mandritry ny andro maro Jehovah ô ! nitondrany ireo hafatra samihafa sy ny tsara ho fantatry ny mpino Fjkm manerana an'i Madagasikara. Ankehitriny, na dia mbola vaovao aza ny fiangonana dia efa mandray anjara sahady amin'ny asa fananganana fiangonana any Beheloka Toliaraa amin'ny famontosana filazantsara ny nosy Madagasikara amin'ireo kaominina tsy mbola manana izany eto Madagasikara. Mitohy hatrany ny fiaraha-miasa sy fanentanana eo amin'ny mpino kristianina raha ny nambaran' ny mpitandrina eo an-toerana, Ranaivoson Gilbert.

**Rajo**